# ALAHADY FAHA 12 MANDAVANTAONA -A 2026



## *MAHATOKY ANDRIAMANITRA KA RESEO NY TAHOTRA*

Ry Kristianina havana, tapitra tamin'ny fankalazantsika tamin'ny fomba manetriketrika ny Sakramenta Masina fankalazana ny Vatana sy Ra masin'i Kristy, ireo vanim-potoana manokana manambara fa tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanitsika. Nasehontsika tamin'ny alalan'ny prosesio vavaka mandeha izay maha anivontsika an'Andriamanitra anambarantsika fa noho ny asan'ny Fanahy Masina dia isika izao indray no Kristy Mpiara-belona amin'ny olona, isika no EOV MISIONERA, TABERNAKLA VELONA eo anivon'ny fiarahamonina mamafy famindram-po, mamafy fiadanana, mamafy fanantenana, mamafy fihavanana sady kristianina no malagasy, ilay fihavanana manasitrana an'izao tontolo izao izay marary ny fitiavan-tena, lainga sy fitapitaka ka mifanapotika, mifanilikilika anjakan'ny herisetra sy ny ady.....

Izany rehetra no mampiditra antsika tanteraka amin'ny mandavan-taona izay fotoana handalinantsika ny finoana ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'ny olona eo amin'ny fiainana andavanandro.

**Vakiteny I :** Jer. 20, 10-13
**Tononkira :** Salamo 68
**Vakiteny II :** Rôm 5, 1 2-15
**Evanjely :** Mt. 10, 26-33

Maninona tokoa moa isika no mandalina ny finoantsika fa indrindra amin'izao Sinaody faha-7 fijanonana faha-4 izao?

Mandalina ny finoana isika mba hahafantarantsika "iza marina moa i Jesoa ho antsika amin'izao andro iainantsika izao". Tena I Jesoa tokoa ve no Teny mahavelona antsika ka hahazoantsika marina ny famonjena? Izy tokoa ve no entintsika miatrika izao tebiteby atrehintsika izao?

Io no foto-pampianaran’ireo vakiteny telo aroson'ny Eglizy amin'izao Alahady faha-12 mandavantaona izao. Azo fintinina tahaka izao ny hafatra amin’izao alahady faha-12 izao : “azo lazaina fa na manao akory ny adim-piainana tsy maintsy atrehina, na manao akory ny fiainana mety manahirana, na dia mety ho tonga aza ny hoe very fanahy mbola velona ka tsy ho hita intsony izay aleha tahaka ny manjo antsika amin’izao krizy maro lafy izao e, na mafy ny sedra tsy maintsy atrehina dia fantaro fa tsy miova Andriamanitra, efa nanolotra an'i Jesoa izy ary izy no làlana sy fahamarinana ary fiainana ka aoka tsy havozo isika, aoka tsy hatahotra isika fa hatoky an'Andriamanitra. Tsy ny krizy no hanana teny farany fa I Jesoa. Tsara ho fantatra anefa araka ny averimberina dia ady sady dia ny fiainana. Ady amin’ny ratsy ary dia mankany amin’ny fiainana. Aoka isika tsy ho diso ady atrehina. Ny ratsy no iadiana fa tsy ny olona na oviana na oviana. Torak’izany koa tandremo sao diso lalana ka tsy ho tonga amin’ilay fiainana irina. Tokana ny lalana dia i Jesoa araka ny voalazany Izy no lalana, fahamarinana sy fiainana...ary Izy tsy miova omaly anio ary mandrakizay...

Noho izany aoka tsy ho varimbariana amin’ny “repère” mety diso tsy izy isika sao ho very mandrakizay. Aza matahotra fa mifikira amin'Andriamanitra, aoka hivahatra amin'Andriamanitra ny fiainantsika raha tsy izany mety ho potika ny fiainantsika raha tsy miaraka Aminy. Fantaro fa ny aina tsy ananan-droa, lahitokana ny aina ary mamy ny aina. Miverimberina izany miatrika izao krizy izao. Noho izany raha tiantsika ny handresy sy hanana ny fiainana hahitana ny tena fivelarana isika dia aoka hivahatra amin'Andriamanitra

Ambaran'i Jeremia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany *(Jer. 20, 10-13)* : raiki-tahotra tokoa i Jeremia ao amin'ny vakiteny voalohany, very fanahy mbola velona izay mitovy amintsika amin’izao ary nanontany tena aza izy hoe iza no mety hanafaka ahy amin’izao tanan'ny ratsy fanahy izao. Mitovy amin'izany koa isika rehefa tojo ny mafy satria tokana ny aina ary mamy ny aina ka mampatahotra ny fahafatesana fa eo indrindra Andriamanitra mankahery antsika ary ao anatin'ireny ady sarotra ireny no isehoan'Andriamanitra amintsika. Noho ny finoantsika dia afaka handresy an'ireny zavatra mampatahotra ireny isika ka velom-piderana sy velom-panantenana tokoa ao amin'Andriamanitra. Izany no tian'ny Eglizy ho tsapantsika ka hidirantsika amin'ny mandavantaona fa indrindra isika amin’izao miatrika ny Krizy eto amin’ny nosintsika izao na eo anivon’izao tontolo izao ka tahaka an’I Jeremia velon-taraina manao hoe : “iza no hanafaka amin’izao krizy izao?”.

Mamaly antsika ny Tenin’Andriamanitra : Aoka tsy hatahotra isika, matokia an'Andriamanitra, Izy no manafaka antsika amin'izay mampahory antsika, aoka tsy hatahotra isika fa hatoky an'Andriamanitra.

Izany no ambaran'i Jesoa ao amin'ny Evanjelin'i Md Matio *(Mt. 10, 26-33)* : aza matahotra ianareo hoy Jesoa tamin'ny Apôstôly, aza matahotra ny olona ianareo fa tsy misy takona izay tsy aseho na ny miafina izay tsy ho fantatra. Ny tadiavin'i Jesoa amintsika dia ny hivelona ny finoantsika, ho vavolombelona tsy hatahotra ny maha-Kristianina antsika ho EOV MISIONERA

satria isika izao no Kristy mpiara-belona amin'olona, aoka hambarantsika am-pahibemaso ny finoantsika.

Ny tahotra sy henatra no matetika mahavoasarika antsika etsy sy eroa ka mahatonga antsika voasarik'i Jesoa piraty sy mivary lavo amin'ny fiainana. Aoka handeha amin'ny “originale” isika dia i Jesoa izay ambaran'ny tenin'Andriamanitra, izay ambaran'ny Eglizy Iray Katolika Apôstôlika Romana. Ireny no ambarantsika eny ambony tafon-trano, aza matahotra izay mamono ny vatana fa tsy mahay mamono fanahy. *“Aza matahotra ny olona ianareo, fa tsy misy takona izay tsy haseho, na miafina izay tsy ho fantatra. Izay lazaiko aminareo ao amin'ny maizina dia ambarao eo amin'ny mazava; ary izay bitsibitsihina amin'ny sofinareo, torio eny ambony tafon-trano; ary aza matahotra izay mamono ny vatana, fa tsy mahay mamono ny fanahy, fa aleo matahotra izay mahay mamarina ny vatana sy ny fanahy any amin'ny afobe*" Mt 10, 26 -28.

Aoka ho vonjentsika ny fanahintsika eo amin'ny zavatra maro mandalo, aoka ho i Jesoa mpamonjy no raisintsika araka voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa *(Rôm 5, 1 2-15)* : aoka hiombona amin'i Jesoa isika fa izany fiombonantsika aminy izany no ahazoantsika ny fiainana mandrakizay, io no ambaran'i Md Paoly, olona iray dia Adama no niavian'ny fahotana sy ny fahafatesana. Ny fanafodin'ny fahafatesana sy izay mety mampatahotra antsika ka manakorontana ny fiainantsika kosa dia ilay ADAMA VAOVAO dia i JESOA KRISTY. Koa raha miombona Aminy isika dia miombona amin'ny fitiavan'Andriamanitra ka na inon-kidona na inon-kihatra dia handresy an'izany isika ry Kristianina havana. Aoka tsy hatahotra, aoka hatoky fa ao amin'i Jesoa no hahazoantsika ny fiainana satria raha mandà an'i Jesoa isika dia tsy ho eken'i Jesoa eo anatrehan'ny Ray izay any an-danitra fa izay manaiky Azy kosa dia ho ekeny eo anatrehan'ny Ray. Midika izany fa i Jesoa no tena “avocat” ho antsika, Izy no tena lalana ahafahantsika mandeha any amin'ny Ray ka tsy misy zavatra tokony hatahorantsika intsony fa efa miombona amin'ny Ray isika.

MILA HAMAFISINTSIKA NY FIFIKIRANTSIKA AMIN'I JESOA, AMIN'NY FINOANA amin'izao fidirantsika tanteraka amin'ny mandavantaona miatrika izao fahavalo tsy hita maso izao. Azontsika mazava tsara amin'izao ny antony mahatonga antsika mirotsaka amin'izao Sinaody izao mba hanampy antsika hanamafy ny finoantsika ka hahatonga antsika tsy hatahotra na dia mety maro ny fahasahiranana… Hafa isika kristianina manana an'I Jesoa…

Ry Kristianina havana, maro ny zavatra mety mifamahofaho amin'ny fiainantsika, maro ihany koa ny tsy sahy mijoro ho vavolombelona, manana modely isika, manana mpivavaka isika dia i Lucien Botovasoa, aoka ho tahaka azy isika ho mpianatra mahatoky. Mivavaha isika mba hiroso hatrany handalina ny finoana ka ho finoana velona tokoa ny finoantsika, ho tany lonaka tokoa ny finoantsika ka na inon-kidona na inon-kihatra dia ho tena vavolombelona manambara an'i Kristy isika. Isika izao no Kristy mpiara-belona amin'olona, hanambara amin'olona ny tena hasambarana sy hafaliana.

Enga anie ry Jesoa Kristy Tompo mba ho raisinao ho tena mpianatrao izahay. Ataovy ho anisan'ireo apôstôlinao izahay hitarika an'ireo namanay hahalala Anao fa ny mahalala Anao no mahazo ny fiainana mandrakizay. Masina Maria Reny ampianaro izahay hametraka an'I Jesoa eo anivon'ny fiainanay sy ivon'ny fiainanay. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy eran-tany mivavahà ho an'ny fianakaviana "Eglizy kely" mba ho sahy hijoro hiaro mandrakariva ny aina…. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson